

23 jona 2010.
11 Tamouz 5770..

"Miezaha ianareo miditra amin'ny varavarana ety"

Manafaingana ny diany ho tonga ao an-tanàna ny mpandeha iray sendra tara alohan'ny filentehan'ny masoandro ka tsy afaka ho varimbariana eny amin'ny lalana eny. Zavatra iray ihany no ao antsainy: ho tonga eo ambavahady. Ny fiainana kristianina hoy Jesosy dia mila faharetana tsy miato. Nasehoako anareo ny fahalebiazan'ny toetra izay raha ny marina mamaritra ny fanjakako. Tsy manome toky anareo hery avy eto antany izany saingy mila fiheverana lalina sy fiezahana amin-kery indrindra avy aminareo. Tsy mitarika anareo hiady ho amin'ny fanjakan'izao tontolo izao izany; saingy aza mihevitra fa tsy hisy ady hatrehina na fandresena halaina satria ny fidirana ao amin'io fanjakana ara-panahy io dia mitaky ady izay mety hiafara any amin'ny fahafatesana.

Dia an-tongotra sy tolona ny fiainana kristianina , saingy tsy herin'olombelona no ahazoana fandresena. Ao ampo no hitrangan'ny ady, ilay goavana indrindra izay mitranga eo amin'ny olona iray ka ny tanjona dia hy faneken'ny tena manokana ny sitrapon'Andriamanitra sy ny fiandrianam-pitiavany. "**Ny olona taloha**" izay ateraky ny rà sy sitrapon'ny nofo dia tsy afaka mandova ny fanjakan'Andriamanitra, mila manary ny filàny anaty sy ny fahazarana taloha izy. Ireo izay nanapa-kevitra hiditra ao amin'izany fanjakana ara-panahy izany dia hahita haingana fa hifototra aminy ny hery sy ny filàn-dratsin'ny nofo miampy tohana avy amin'ny fanjakan'ny maizina. Tsy afaka miady na amin'ny faniriandratsy sy ny fahazarana manimba na handresy ny fahavalo mahery mitàna antsika ambany fangejany isika raha amin'izao isika izao ihany. Andriamanitra irery no afaka hanome fandresena antsika. Iriny raha voafehin-tsika ny sitrapo sy faniriana saingy tsy afaka miasa ao anaty Izy raha tsy mahazo ny faneken-tsika. Tsy misy fandresena raha tsy misy vavaka mitohy sy avy ao ampo, raha tsy misy fandavan-tena. Tsy hoteren'ny mpiasan'ny lanitra hiara-miasa aminy ny isika fa antsitrabo no ilainy satria tsy ahatonga antsika ho kristianina mahafatrapo izany ary tsy mbola voafehy ny herin'i Satàna eo amin-tsika.

Tokony hifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny sitrapon-tsika. Raha maniry izany isika dia ho tanterahan'Andriamanitra ao anatin-tsika ny asany hatramin'ny "**fambaboana ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy**" (2 Kor10 : 5). Ary dia hiasa "**amin'ny tahotra ny ny hovitra hahatanteraka ny famonjena antsika isika**" satria." **Andriamanitra no miasa ao anatin-tsika na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.**" (Fil.2:12) Marobe ireo voatariky ny hatsaràn'i Kristy sy ny voninahitry ny lanitra no mihemotra rehefa eo anatrehan'ny fepetra hahazoana izany. Marobe ireo diso fanantenana satria te hanapaka ny fanadevozan'ny ota sy hanohitra ny ratsy amin'ny heriny manokana. Mijery ny vavahady ety ihany amin-kalahelo izy saingy mametraka sakana eo aminy sy ny Mpamonjy azy ny filàna feno fitiavan-tena, ny fankafizana izao tontolo izao ary ny tanjona tsy ara-panahy. Ny famoizana ny sitrapony dia mitaky sorona izay mampisalasala ka mampalemy azy. Ary farany miverin-dalana izy "**Ho maro no te hiditra fa tsy afaka**" Te hanao ny tsara izy, miezaka ho amin'izany nefa tsy maharitra satria tsy manome ny vidiny mifanaraka amin'izany.

Ny hany fanantenan-tsika dia ny hampikambana ny sitrapon-tsika amin'ny sitrapon'Andriamanitra ka miasa miaraka Aminy isan'ora. Tsy afaka mamela ny fitiavan-tena hanjaka ao anatin-tsika isika nefa te hiditra ao amin'ny fanjakany. Raha te hanatratra ny fahamasinana isika dia tokony handà tena, hampiditra ampo ny saina sy ny fihetsepon'i Kristy. Tokony homboina ny avonavona sy ny fahavitan-tena. Moa hanaiky izany fepetra izany ve isika? Raha mbola mandà izany isika dia tsy hitoetra ao anatin-tsika ny fahasoavan'Andriamanitra manova ho vaovao. "Ny ady tsaran'ny finoana no ilay tolona izay tokony ho tohanan-tsika." Ary ny hahatanteraka izany no ikelezako aina koa sy iezahako fatratra araka ny fiàsan'ny herin'ilay miasa mahery ato anatiko " hoy ny Apostoly Paoly (Kol. 1: 29)

Teo amin'ilay zava-tsarotra lehibe nitranga teo amin'ny fiainany dia niataka mba hivavaka i Jakoba. Nieritreritra lalina ny tanjona nokendreny izy dia ny fanovàna ny toetra. Saingy raha nitolona tamin'Andriamanitra izy , dia nisy fahavalo araka ny heviny, nametraka ny tanany taminy, ka nandritry ny alina dia voatery niady hamonjena ny ainy izy. Tsy ketraka na dia fotoana kely iray aza ny sitrapony tamin'izany. Ela ny ela rehefa kely dia kely ny heriny ka nila hilavo lefona izy dia naneho ny heriny ilay anjely tamin'ny famolahana ny foto-peny. Fatany tamin'izay hoe iza ity nitolomany ity. Nianjera teo amin'ny tratran'ny Mpamonjy izy fa sady naratra no efa tsy nisy hery intsony, niangavingavy ny fitahiany. Tsy nanaiky ny hitodika hivoho an'i Kristy izy na nijanona niangavy ka dia novaliany ny vavak'ilay fanahy reraka sy niaiky heloka. Ilay kiakiakany manao hoe "**Tsy avelako handeha ianao rahatsy mitahy ahy**" (Gen 32:26) dia novaliany hoe "**Efa nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ny olona ianao ka nandresy**" (Gen 32:28). Noho ny fandavan-tena sy ny finoan marim-pototra dia azon'i Jakoba izao ny zavatra nitolomany hatry ny elabe. "**Ny finoana izay mandresy izao tonolo izao dia ny finoantsika**" (1Jaona5:4)

Ellen G. White *Heureux ceux qui...* p 131 – 134

